

Jesoa Velona Ao Amin'i Maria

N° 37, Volana Mey 2021

FANAZAVANA ARA-BAIBOLY

« Mba ho iray toa Antsika anie izy rehetra »

16 MEY 2021

Alahady Fahafito amin'ny Paka – Taona B



**Evanjelin'i Jesoa Kristy araka ny nosoratan'i Masindahy Joany
(Joany 17, 11b-19)**



*Tamin'izany andro izany,
Niandrandra ny Lanitra i Jesoa nivavaka nanao hoe:
« Ray Masina ô,
tahirizo ho iray amin'ny anaranao ny mpianatro,
Ny anarana izay nomenao Ahy,
Mba ho iray toa Antsika izy rehetra
Raha mbola teo amin'izy ireo Aho,
Notahiriziko ho iray tamin'ny Anaranao izy ireo, ilay
anarana izay nomenao Ahy.*

*Niambina azy ireo aho, ary tsy nisy very na iray aza,
Afa-tsy izay nandeha tamin'ny fahaverezana
mba ho tanteraka ny Soratra Masina.
Ary ankehitriny mankany Aminao Aho,
miteny toy izany aho dieny mbola amin'izao tontolo izao
mba hananan'izy ireo ny Fifaliako ao aminy,
Ary enga anie ho afa-po amin'izany izy ireo.
Nomeko azy ireo ny Teninao,
ary halan'izao tontolo izao izy ireo
satria tsy naman'izao tontolo izao izy ireo,
Tahaka Ahy izay tsy naman'izao tontolo izao.
Tsy mivavaka ny mba hanalanao azy ireo amin'izao tontolo
izao Aho, Fa ny mba hiarovanao azy ireo amin'ny ratsy
Tsy naman'izao tontolo izao izy ireo,
Tahaka Ahy, izay tsy naman'izao tontolo izao.*

*Ankamasino amin'ny Fahamarinana izy ireo:
Ny Teninao no fahamarinana.
Tahaka ny Anirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao,
No anirahako azy ireo ihany koa ho amin'izao tontolo izao.
Ary Manamasina ny Tenako ho azy ireo aho
mba hohamasinina amin'ny
fahamarinana ihany koa izy ireo. »*

Ny Evanjely amin'ity Alahady ity dia an-dalan-teny amin'ny vavaka lehibe fanaovam-beloma ataon'i Masindahy Joany izay teo am-bavan'I Jesoa mialoha ny nisamborana Azy, vavaka niantefa tamin'ny Rainy. Amin'ity an-dàlana anio ity dia mivavaka ho an'ireo Mpianany izay mijanona eto amin'izao tontolo izao i Jesoa. Ity vavaka ity izay misy fangatahana anankiroa: ny iray fangatahana fiarovana ary ny iray fahamasinana.

Ny mpianatr'i Jesoa dia nandray ny Teniny ary nahatoky tamin'izany. Ity vavaka ity dia manamarika ny fiahian'I Jesoa azy ireo manokana, izy ireo izay efa hilaozany, ary Ankininy amin'Andriamanitra ny fiahiana azy ireo. Eny, Andriamanitra dia tsy mba mandao ny olony, mahatoky Izy ary fantany ny fahalementsika, mila tohana sy fiarovana avy Aminy isika mba hanarahana ny lalana. Satria ny fandehanany dia tsy mitarika ho amin'ny famoizam-po fa ny mifanohitra amin'izany dia ny hampiditra amin'ny hafaliana feno. Maniry fifaliana ho antsika Andriamanitra, ny Fifaliany no ampanantenainy hozaraina amintsika.

TAHIRIZO HO IRAY AMIN'NY ANARANA NY MPIANATRO: araka ny fangatahan'i Jesoa ho azy ireo manokana, izany dia fitokiana amin'ny fanambarana mariky ny maha-iray azy ireo manokana; Izy no niantoka ny fiombonan'izy ireo, ny fandehanany no hanombohan'ny fiovàna, tsapany fa marefo ity fiombonana ity ary hiharan'ny fitsapana izy ireo.


Fantatr'i Jesoa fa hiharan'ny fankahalan'izao tontolo izao ireo mpianany ; izy ireo izay te hampifanaraka ny fiainany amin'ny tenin'Andriamanitra ka hanalavitra azy ireo, izany nefa dia mifanohitra amin'ny soa toavin'izao tontolo izao. Ny fiainana ny Evanjely dia tsy noheverina ho zava-poana ary maro ireo martiry ankehitriny no mijoro vavolombelon'izany. Manakorontana ny fiainana ny tsy fivadihana amin'ny Tenin'Andriamanitra! Moa ve ny Vavak'i Kristy tsy ny mba hiarovana antsika amin'ny ratsy izay efa tanisaintsika isaky ny manao ny Rainy any an-danitra isika?

Tahaka ny niatrehan'I Jesoa ny herin'ny ratsy dia fantany fa tsy maintsy hiaina izany ady izany ihany koa ny mpianany. Raha mbola eto amin'izao tontolo izao isika dia tsy an'izao tontolo izao araka ny voalazan'I Jesoa satria ny Tenin'Andriamanitra no mibaiko ny zavatra ataontsika fa tsy zavatra hafa, ary sarotra tokoa ny manohitra ny fanodikodinan'izao tontolo izao. Mila ny fanohanan'Andriamanitra isika.

Taorian'io fangatahana fiarovana sy fangatahana fahamasinana izay angatahan'i Jesoa mivantana amin'ny Rainy io. "Manamasina" izay midika hoe: voatokana ho an'Andriamanitra, miaina fiombonana Aminy. Ary ity fahamasinana ity dia asan'Andriamanitra izay mitarika antsika handray ny Tenin'Andriamanitra sy hiaina izany.

Mifandraika amin'ity fangatahana fahamasinana amin'ny Ray ity ny fandefasana hamita iraka, ny mpino tsy natsoina hitodika amin'ny tenany fa hijoro ho vavolombelona. Irahan'i Jesoa isika ho amin'izao tontolo izao mba hanohy ny asany sy hijoro ho vavolombelon'ny fahamarinany izay voaraintsika sady tsara.

Avy amin'i Pierrette MAIGNE



« Ankamasino amin'ny Fahamarinana izy ireo:

Ny Teninao no fahamarinana.

Tahaka ny Anirahanao Ahy ho amin'izao tontolo izao,

No anirahako azy ireo ihany koa ho amin'izao tontolo izao.

Ary Manamasina ny Tenako ho azy ireo aho

mba hohamasinina amin'ny fahamarinana ihany koa izy ireo. »

mpa hohamasinina amin'ny fahamarinana izy ireo. »
Ary Manamasina ny Tenako ho azy ireo aho
No anirahako azy ireo ihany koa ho amin'izao tontolo izao.

ASSOCIÉS MONTFORTAINS

Fitantanana jeneraly

MEY 2017 - MEY 2021

Maro ny olona, ireo rahalahy sy anabavintsika, izay maniry hanamafy ny fiaina ny bateminy no « mandondom- » baravarana antsika, Misioneran'ny Compagnie de Marie. Ny anton'izany dia satria ity Fikambanana misionera ity, izay mitondra ny anarana ofisialy hoe «Societas Mariae Monfortana» (SMM) sy naorin'i Louis-Marie Grignon de Montfort, dia nandova ny harem-panahin'ny Fiangonana izay noraisin'ireo Olomasina sasany ho fomba tsara indrindra hikorokorina ny fahasoavana ao amin'ny batemin'ny Kristianina. Izany harena izany dia antsoina hoe: « Fanokanan-tena amin'i Jesoa Kristy amin'ny alàlan'i Maria ao amin'ny Fanahy Masina ».



Noho izany antony izany dia maro ny kristianina no manatona ireo ankohonam-piainan'ny Misioneran'ny Compagnie de Marie mba hamakafaka kokoa, ohatra mba hangataka fanazavana momba ny fanokanan-tena ; na mba hangataka soso-kevitra mahakasika ny fomba hiainana azy; na koa mba ho voaray toy ny mpikambana ao amin'ny Association Marie Reine des Cœurs (AMRdC) izay Fikambanana naorina manokana ho an'ireo miaina ity fampiharana lavorary ny fitiavana amam-panajana ny Virjiny Masina ity.

Marina fa ny fanavaozana ny batemy eo an-tànan'i Maria dia efa nisy talohan'i Montfort, fa nohatsaraina sy nampahafantarin'i Montfort ihany koa izany nandritra ireo misiôna nataony tamin'ny alàlan'ny fanoratana boky maromaro mikasika ity fomba fanao ity, ohatra «Ny tena fitiavana sy fanajana an'i Masina Maria »(VD), « Ny tsiambaratelon'i Maria »(SM) ary « Ny fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay »(ASE). Mbola vakin'ny kristianina maro ireo boky ireo mandrak'ankehitriny.

Izao toe-javatra izao dia toa sahala ihany amin'ilay vahoaka mitady an'i Jesoa mba hahita fahafaham-po amin'ny faniriany ny fiainana mandrakizay araka ny voalaza ao amin'ny Evanjelin'i Md Joany 6, 1-16 na Matio 14, 13-21. Ho valin'izany dia nanao ny fahagagana momba ny fampitomboana ny mofo i Jesoa.

Misy hevitra maro azo tsoahina ao amin'ireo Evanjely roa voalaza etsy ambony ireo:

- 1) Vahoaka be no tonga nanatona an'i Jesoa satria noana sy nangetaheta ny Teniny izy;
- 2) Misy fiantràna ao am-pon'i Jesoa ;
- 3) Misy fizarana amin'ny endrin'ny sakafo maimaim-poana ;
- 4) Misy ireo olona izay mizara ny sakafo ;
- 5) Mbola misy ambiny betsaka ny mofo, izay famantarana fahabetsahana.

Inona ary izao no hataontsika manoloana ny fangatahana maro ataon'ireo mpino ? Moa havelantsika handondona fotsiny ve ireo olona ireo ka tsy hahita izay tadiaviny ?

Tsia. Ny tantaran'ilay fampitomboana ny mofo izay nataon'i Jesoa dia tokony ho aingam-panahy ho antsika amin'izay valinteny tokony omentsika mba hamenoana ireo filàna ara-panahy sy misiônera ao amin'ny vahoakan'Andriamanitra. Ireo olona mandondona ao am-baravaravana ireny dia fanehoana fotsiny ihany ny hamaroan'ny olona izay mikatsaka « sakafo-panahy » eo amin'ny tontolo misy antsika ankehitriny. **Ny mpikambana ao amin'ity Fikambanana misiônera ity dia tokony hanana ny toetran'ireto mpianatra izay mizara sakafo-panahy an-kalalàhana, an-kabetsahana ary am-pitiavana amin'ny vahoaka.**

“ ”

Ny teny mamaritra tsara izany hetsika izany dia ny « fizarana ».



Entanin'ny toe-po miantra ny Kongregasiona mba ahafahany manao izany. Fa izany toe-po izany anefa dia tsy tokony hitondra fahalainana ao aminy: miandry ny olona hanatona na hiantso fotsiny. Ny antony dia tokony hanana fahavitrihana ihany koa izy amin'ny fanaovana izany satria efa fiainan'ireto misionera ireto koa ity fanonkanan-tena ity. Na dia manam-piantrana aza i Jesoa manoloana ny vahoaka be dia tsy maintsy nataony ihany koa ny nitory ny Evanjely. Noho izany, ao amin'ny « Compagnie de Marie » ny finiavana hanomana sy hanome an'ireo olona ireo izay efa azon'ny mpikambana ao aminy tamin'i Montfort sady hiainany ihany koa (Lal. 11, 40, 86, 130, 136).

Ny teny mamaritra tsara izany hetsika izany dia ny « fizarana ». Ireo Lalàm-panorenana sy Sata mifehy ny Compagnie de Marie dia manome soso-kevitra maro momba ny tokony hataon'ireo mpikambana ao amin'ity Kongregasiôna ity mba hamaliana ireo filàna ara-panahy ilain'ireo olona ao amin'ity sehatra mifandray amin'ny aim-panahin'i Montfort ity, ary tànana antsaina ihany fa ny aim-panahy montfortanina dia mivelatra kokoa ary mihoatra ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria. Ao amin'ny Lalam-panorenana 60-61, dia mahita izao fanambarana manaraka izao isika:

« Maro amin'ireo lahika no maneho ny filàny fivelomana ara-panahy. Misy ny mitady ary efa mahita izany amin'ny loharano samihafa. Raha ho an'ireo misionera montfortanina kosa dia miezaka ny manolotra ny aim-panahin'ny Mpanorina ny Fikambanany izy amin'ny alàlan'ireo fomba mifanaraka amin'izany ho an'ireo izay liana amin'izany.

Mba ahafahan'ny tsirairay manatanteraka tsara ireo fepetra apostolika takian'ny antson'Andriamanitra ao aminy dia afaka miditra ho « associés » ao amin'ny Compagnie de Marie izy raha tiany, amin'ny alàlan'ireo lamina mipetraka amin'ny fandraisana sy fanohanana, araka ny aingam-panahin'i Montfort sy ireo làlana maro nosokafany.

Ireo fikambanana « Marie Reine des Cœurs » ho an'ny lahika sy ho an'ny pretra dia nankatoavin'ny Fiangonana ary fantatra toy ny an'ny « Compagnie de Marie » ihany. (Lal. 60-61)



Manaraka izany, ao amin'ny Sata 61.1, dia izao no didy voalaza ao:

Ny « Associés montfortains », fantatra arak'izany fiantso azy izany, dia mpikambana ao amin'ny Fikambanana « Marie Reine des Cœurs ». Anjaran'ireo misionera montfortanina ny mampivoatra, mitantana ary manoro lâlana ireo fikambanana na hetsika sasany izay miaina ny aim-panahin'i masindahy Louis-Marie de Montfort, rehefa avy nieritreritra tsara sy nahazo hevitra avy amin'ny Lehibeny avy. Ireo mpikambana ao amin'ny « Kômpania » dia miezaka ny manome izay fiofanana fanao momba ny aim-panahy montfortanina ao amin'ireny fikambanana na hetsika isan- karazany ireny, mifanaraka amin'izay napetraky ny Fivondronambe ny Eveka. » (Sata 61.1)

Noho izany, ny SMM dia mila olona – tahaka an'ireo mpianatra tao amin'ny fahagagana momba ny fampitomboana ny mofo – hanao izany fizarana izany amin'ny hafa.

Ity Vondrona « Association Marie dans le monde » ity, izay misy eo anivon'ny SMM, dia manao ezaka mba hitantanana ireo rahalahy sy anabavintsika, ireo kristianina, « hanaraka an'i Jesoa miaraka amin'i Maria » araka ny aim-panahin'i Montfort, mba hitoetra tokoa ao am-pon'ny olona maro sy ao amin'izao tontolo izao ny ny fanjakan'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria, noho ny asan'ny Fanahy Masina.



Inona ary izany no zava-bitan'ny SMM nandritra ny fe-potoana niasan'ny Fitantanana Jeneraly amperin'asa, nanomboka ny taona 2017 hatramin'izao, amin'ny fampiharana ireo sori-dâlana napetraky ny Lalàm-panorenena 60-61 sy ny Sata 61.1 izay voalaza etsy ambony ?

Voalohany. Mamoaka ao amin'ny « Echo Montfortain », edisiona 2020, ireo « Sata mifehy ny Association Marie Reine des Cœurs ». Miaraka amin'izany fanaparitahana izany dia mitodika any amin'ireo Ivo nasionaly sy isam-paritra an'ity Fikambanana ity isika. Satria amin'ny zava-misy ankehitriny dia tsy misy atao miaraka amin'izay Kongregasiona misy ao amin'ny Fandrintràna ny fiainam-piangonana ity fitantanana jeneraly ity, ohatra hoe miaraka amin'ny « Kongregasiona ho an'ny fiainana voatokana sy ny manodidina ny fiainana apostolika ».

Ireo asa ho an'ny Fiketrahana Masina tokoa mantsy dia efa nataon'ireo mpitantana jeneraly teo alohantsika, tao anatin'izany ireo asa natao momba ny fankatoavana ny Sata mifehy ny « Association Marie Reine des Cœurs » tanteraka tamin'ny taona 2001. Amin'izao fotoana izao dia voadika amin'ny fitenim-pirenena maro izy ireny.

Ny fanontaniana mipetraka ary izao dia ny hoe amin'ny fomba manao ahoana no hanaparitahana ireto lahatsoratra ireto any amin'ireo Ivom-pikambanana ? Marina fa mety hoe efa voaparitaky ny fitantanana jeneraly teo alohanay izy ireny kanefa manam-paniriana ihany izahay ny hizara azy indray noho ireo Ivo sy Tale ara-panahy vaovao vao natolotra.

Inona moa no mahantonga antsika hikendry manokana ireo Ivo nasionaly sy isam-paritra misy an'ity Fikambanana ity ? Satria izy ireny no hiasa kokoa amin'ny fanentanana ny Fikambanana. **Ireo Ivo nasionaly sy any amin'ny faritra ary ireo vondrona montfortanina miombona aminy dia tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanentanana ny Fikambanana.**

Ireo Ivo ireo dia mitondra mivantana ny fampianarana, ny fanarahana sy ny asa misionera, ny fandraisana ny anaran'ny mpikambana ao amin'ny bokin'ny Ivo, sns. Ny fitantanana jeneraly dia manatanteraka izay rehetra tokony hataon'ny mpitantanana an'ireny Ivo rehetra ireny. Izany dia mifanaraka amin'ireo sori-dàlana voasoratra ao amin'ny Sata mifehy ny Fikambanana momba ny andraikitr'ireo Tale ara-panahy isaky ny Ivo:

« Ireo Talen'ny Ivo rehetra dia tokony ho vonona mandrakariva ho an'ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana mba hanampy azy ireo ahalala sy handalina misimisy, hiaina tsara kokoa ny làlam-panahy nolovaina tamin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort. Mamporisika azy ireo amin'ny faharetana lavorary amin'ny batemy, izany hoe amin'ny fanarahana maharitra an'i Kristy, Fahendrena Mandrakizay sy Tonga Nofo ho fanavotana an'izao tontolo izao, noho ny fametrahana-tena tanteraka amin'i Maria izay làlana niriany ahatongavana eto amintsika, noho ny asa maherin'ny Fanahy Masina.

Hampahatsiahy an'ireo mpikambana ny adidiny hampahalala amin'ny manodidina azy, indrindra amin'ny oha-piainana asehony, ity làlam-piainana ity izy, mba ho tonga hatrany ny Fanjankan'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria. Raha toa ny mpikambana ka manana zo marina handray ny fiofanana izay ilainy ary raha tonga mangataka izany izy, dia adidin'ireo Tale ny manome mivantana na tsy mivantana ny fiofanana ilainy ary maharitra.

Arak'izany tanjona izany, ny Lehibem-pikambanana Jeneraly dia vonona hanomana na hampanomana programa na boky izay hametrahany mazava tsara ireo dingana arahina mialohan'ny andraisana izay mangataka hiditra ao amin'ny Fikambanana ary koa ireo adidin'ny fiofanana maharitra. Programa na boky izay mbola hatolony ny fitsarana sy fankatoavan'ny filan-kevitra jeneraly » (and-6-7).



Ny Fitantanana jeneraly dia afaka manome boky mifanaraka amin'ireo tari-dàlana ao amin'ireto Sata mifehy ny Fikambanana ireto (and.5.1). Kanefa io tari-dàlana io dia efa misy fa amin'ny endrika boky, « **Manara-dia an'i Jesoa miaraka amin'i Maria** » (Suivre Jésus avec Marie), arak'i Masindahy Louis-Marie de Montfort », nosoratan'i P. Alphonse Bossard, SMM. Nosoratany tamin'ny taona 1993 ity boky ity raha mbola Lehibem-pikambanana maneran-tany i P. Gérard Lemire. Dia naverina natonta indray izy, narahina fanitsiana vitsivitsy tamin'ny taona 2001, rehefa voafidy Lehibem-pikambanana Jeneraly i Père Bill Considine, niaraka tamin'ireo Sata mifehy ny « Association Marie Reine des Cœurs » izay nahazo fankatoavana ny 26 aprily 2001.



Raha ny fahalalako azy, ity tari-dàlana ity dia efa misy amin'ny fiteny frantsay, anglisy (2001) ary italianina (2001). Ireo rahalahy any Madagascar dia efa hanonta azy tsy ho ela amin'ny fiteniny. Mandritra ny famangiana ireo vondrona dia hitondra ireo tari-dàlana ireo amin'ny fiteny anglisy sy frantsay izahay ho fampielezana azy eny anivon'ny Ivo nasionaly sy isam-paritra misy ny Fikambanana. Anisan'ny ezaka entinay hanaparitahana ny boky izany.

Ny fanazavana voarakitra ao amin'io boky tari-dàlana io mahakasika ny fiainan'i Montfort sy ny fanokanantena dia mety ho azo ampifanarahana amin'ny zavamisy iainan'ny firenena tsirairay, izany no antony nanaovan'ny Ivo nasionalin'ny Fikambanana, any Indonésie, boky iray izay sokajiana ho mifanaraka kokoa amin'ny toe-piainana any an-toerana. Ny fanovàna ny fizarana sasany amin'io boky io dia araka ny zavamisy tokoa, mazava ho azy fa tsy novaina ny Sata izay nankatoavin'ny «Kongregasiona ho an'ny fiainana voatokana sy ny manodidina ny fiainana apostolika» tamin'ny taona 2001, izay hita ao.

Faharoa. Fanekena ny fampifanarahana ireo Sata amin'ny zavamisy. Ekenay ny fanovàna natao tamin'ireo Sata mifehy ny Fikambanana napetraky ny Ivo nasionaly avy any Philippines. Izany dia tontosa araka ireo didin'ny Sata ao amin'ny And.15 izay manamafy hoe:

« Miaraka amin'ny faneken'ireo mpanolo-tsaina, ny Lehibem-pikambanana jeneraly dia afaka mitondra fanovàna izay tsy manova kosa ny toetrany na ny tanjon'ny Fikambanana ao amin'ireto Sata efa nankatoavin'ny Fiketrahana Masina ireto » (and.15).

Ny avy any Philippines dia efa nanolotra izany fanovàna izany niaraka tamin'ny fangataham-pankatoavana ny fomba fandraisana mpikamban'ny AMRdC iray ao amin'ny Fikambanana any. Tamin'ny faran'ny taona 2017 izy ireo no nametraka ny fangatahany.

Ho fampafahafantarana, tamin'ny alàlan'i P. Santino Brembilla no tontosa izany rehefa nanaiky ny Ivom-paritra tany Trinitapoli « nombàm-pirariantsoa » izy. Izany no nataony tamin'ny taona 2012. Izao manaraka izao koa dia notohanana'ireo Sata mifehy ny Fikambanana, and. 11 sy 12:

« Ho an'ireo mpikambana izay maniry izany, ny Tale jeneraly dia afaka mamorona, ao anatin'ny Fikambanana, vondrona misy mpikambana maromaro izay miroso amin'ny alàlan'ny fanomezan-toky na voady, araka ny toerana misy azy, mba hiaina ireo torohevitra ara-panahy mifanaraka amin'ny Evanjely ao amin'ny toe-panahy sy ny aim-panahin'i masindahy Louis-Marie; vondrona izay miroso amin'ny asa apostolika azy manokana mifanaraka amin'ny toe-panahy sy aim-panahin'i masindahy Louis-Marie de Montfort hatrany.

Noho izany, ny Tale jeneraly dia hampanomana fitsipi-pifehezana manokana izay mifanaraka amin'ny fangatahan'ireo mpikambana ireo sy amin'ny antompisian'ny Fikambanana. Anjarany, miaraka amin'ireo mpanolo-tsaina, ny mandinika sy manaiky azy ireny raha hitany fa afaka mitarika ireo mpino eo amin'ny lalana mitondra mankany amin'ny Fahendrena Mandrakizay sy Tonga Nofo, Jesoa, Zanak'Andriamanitra sy Maria ».



“”

Ny fanovàna ny fizarana sasany amin'io boky io dia araka ny zavamisy tokoa, mazava ho azy fa tsy novaina ny Sata izay nankatoavin'ny «Kongregasiona ho an'ny fiainana voatokana sy ny manodidina ny fiainana apostolika» tamin'ny taona 2001, izay hita ao.

Ny fahatelo. Manao famaritana ny atao hoe « associé montfortain ». Nanao famaritana izay heverinay fa mazava – na dia an-tsoratra aza – momba ny atao hoe « Associés Montfortains » izahay. Izany famaritana izany dia mifototra amin’ny aingam-panahy tao amin’ny and. 1 sy 2 ny Sata mifehy ny «l’Association Marie Reine des Cœurs». Ireo andininy roa izay milaza ny « toetra sy tanjona » an’ity Fikambanana ity dia manamafy toy izao:

« And.1 - Ny Association Marie, Reine des Cœurs dia mamondrona mpino, relijiozy na lahika, izay manolo-tena mba hiaina izay takian’ny batemy noraisiny amin’ny fanokanan-tena manontolo amin’i Kristy amin’ny alàlan’ny tànan’i Maria noho ny faniriany ho vavolombelon’ny fahamarinan’ny Evanjely. Amin’izany tanjona izany dia miroso amin’ny fampiharana lavorary ny tena fitiavana sy fanajana ny Virjiny Masina nampianarin’i masindahy Louis-Marie de Montfort izay nofidiany ho Mpitarika sy Mpampianatra ara-panahy, izy.

And.2 - § 1 – Noho izy ratsam-batan’ny Compagnie de Marie, ny Association Marie, Reine des Cœurs dia tsy manana rafitra mahaleo-tena araka ny lalàna.

Ny mpikambana ao aminy dia mandray anjara avokoa, any amin’ny toerana iainany avy, amin’ireo misiona ataon’ny Montfortanina ao amin’ny Fiangonana: manomana ny Fanjakan’i Jesoa amin’ny alàlan’i Maria.

§ 2 – Ny Association Marie, Reine des Cœurs dia fihitaran’ny Compagnie de Marie, tsy amin’ny heviny hoe tian’ny Kongregasiona hofehezina ho azy avokoa ny ondry rehetra fa mba « na ho ela no ho haingana, dia hanan-janaka maro kokoa ny Virjiny Masina, hanana mpanompo sy mpanomp-pitiavana ary amin’ny alàlan’io fomba io dia hanjaka ao amin’ny fo rehetra mandrakizay i Jesoa Kristy, ilay Mpampianatra malalako ».

§ 3 – Ny Fikambanana noho izany dia tsy miasa ho an’ny Compagnie de Marie fa miasa ho an’ily Mpanjakavavy miaraka aminy, ho an’ny Fiangonana Masina, ho an’ireo fanahy, ho an’ny vahoakan’Andriamanitra, ho an’ny Fanjakan’i Jesoa amin’ny alàlan’i Maria ».

Raha mifototra amin’ireo andininy roa ireo dia voafaritra ny tokony ho toetran’ny olona iray mendrika ho « associé montfortain ». Izany famaritana izany dia hita ao amin’ny « Echo Montfortain 2020 » izay ho tanisaina etsy ambany.

« Ny zavatra iray anisan’ireo manan-danja indrindra izay nataonay teto anivon’ny Filan-kevitra jeneraly dia ny famaritana « entitra kokoa » ny atao hoe « associé montfortain ».

Efa nataonay nandritra ny fivorian’ny Filan-kevitra jeneraly tamin’ny volana jiona 2020 izany. Hatramin’izao dia mbola tsy nanana famaritana « mazava sy miavaka » isika momba an’io. Mbola manana tahiry ny fanazavana tao amin’ny tranokalan’ny fikambanana teo aloha aho, « Montfort.org », momba ny « ASSOCIES MONTFORTAINS ». Maro ny zavatra azontsika vakiana ao, maro loatra ! Ahitantsika fanazavana midadasika loatra izay mampiditra ho « ASSOCIES MONTFORTAINS » avokoa izay rehetra misy ifandraisana amin’i Montfort, amin’ny Fianakaviana Montfortanina na amin’ireo Misionera Montfortanina. Kanefa tsapanay fa rehefa tsy ampy ireo teny mahalaza mazava ny famaritana iray, dia vao maika isika misalasala sy manjavozavo, manjary mikarokaroka hamorona, ary maika mifamahofaho ny fanentanana ataontsika satria tsy fantantsika mazava izay tokony hiantefan’ny fanentanana atao ary tsy ahalala koa izay tena andrasan’ireo vondrona samihafa mifandray ampotony amintsika.

Fantantsika koa fa tsy ny vondrona rehetra no mampiasa ny teny « Associés » mba hilazana ireo vita batemy miara-miombon’antoka aminy sy miaina ny fanokanan-tena sady mandray anjara ihany amin’ny misiona ataon’ny vondrona. Ankoatran’ily teny hoe « Association », dia misy ireo vondrona izay mampiasa ny teny hoe « «Fraternité», «Fleur», «Amis», sns. Na inona na inona teny ampiasaina, ny hoe « lahika Associés » dia sorohana satria ireo mpikambana « Associés Montfortains » dia tsy lahika ihany fa izay olona fara faharatsiny efa vita batemy: ny batemy no havaozina ao amin’ny fanokanan-tena. Mba hazava kokoa dia ireto ny manoritra ny « Associés Montfortains ».



Voalohany indrindra, ny anaran'ily olona dia voasoratra ao amin'ny « Registre des membres » na boky fandraisana anarana. Io Boky io dia mipetraka any amin'ny Ivo isam-paritra, nasionaly na iraisam-pirenenan'ny « Fikambanana ». Ireny Ivo sy ny Tale ara-panahy ao aminy ireny dia nofidiana sy napetraky ny Tale Jeneraly izay Lehibem-pikambanana maneran-tany ny Compagnie de Marie ihany. Amin'izay dia anatin'ny fiombonana feno amintsika ireo Associés: miorina ho fianakaviana iray ihany isika. Amin'ny alàlan'ireny Tale ireny dia afaka mifandray ny lehiben'ny vondrona sy ireo « Associés ».

Faharoa manaraka izany, ny miaina ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria izay atolotr'i Louis-Marie de Montfort toy ny mpampianatra sy mpitantana ara-panahy no votoatin'ireo fiofanan'ny « Associés ». Arak'izany dia misy fiofanana efa mipetraka mandrakariva ho fiomanana amin'ny fanokanan-tena sy ny fanavaozana ny fanokanan-tena, izay ao anatin'ny làlam-piofanana maharitra.

Fahatelo, ny fandraisana anjara amin'ny misiona ataon'ny Compagnie de Marie dia efa tsy tokony mila fanamarihana intsony. Ny endriky ny fomba andraisana anjara amin'izany misiona izany dia mifanaraka mandrakariva amin'ireo sata sy toe-java-misy. Kanefa, ilaina hamarinin'ny vondrona ny tena votoatin'ny misiona ataon'ny Compagnie de Marie, amin'ny fahafantarana tsara koa izay mahakasika an'io vondrona misy ny « Associés » io.

Arak'izany dia misy fifandraisana mifamaly ao amin'ireo mpikambana ao amin'ny Compagnie de Marie sy AMRdC. Ireo mpikambanan'ny SMM sy AMRdC dia tokony hahalala, hahatsiaro sy hampihatra izany. Izany no antony ilazana matetika fa ny AMRdC dia « fihitaran'ny SMM ». Koa ny SMM sy ny AMRdC dia miombona ho fianakaviana ara-panahy – misionera. Izany no mahatonga ny Lehibem-pikambanan'ny SMM sy ny Tale Jeneralin'ny AMRdC ho olona iray ihany (Sata, and. 4 - § 1). Ny mpikambana ao amin'ireo vondrona roa ireo dia tokony hahatsapa izany mandrakariva sy hiaina azy. Momba izany indrindra dia izao no ambaran'ny Sata mifehy ny AMRdC:

« Noho ny fidirany ao amin'ny Fikambanana, ny mpikambana rehetra dia miombona am-panahy amin'ny fianakaviambe montfortanina. Tian'izy ireo ny mankalaza ireo fety litorijika izay famantarana sy fanehoana izany fiombonana izany:

Ny Filazàna ny nahatongavan'ny Tompo Nofo, 25 mars, fety lehibe indrindra ho an'ny Fikambanana. Ny Fahaterahan'ny Tompo, 25 desambra, Ny fetin'i Maria Imakole, 8 desambra, ary ny fetin'ny Masindahy Louis-Marie de Montfort, 28 aprily, izay ankalazain'ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana koa amin'ny fomba miavaka. Ny mpikambana rehetra dia miombona anjara ihany koa amin'ireo harem-panahy izay afafin'ily « nanolo-tena manontolo sy amin'ny fomba tsy azo lazaina tamin'Illy nanome azy ny zava-drehetra » ao amin'ny fianakaviana montfortanina.

Ny fidirana ao amin'ny Fikambanana dia manorina fifandraisam-pirahalalahiana sy firaisan-kina mifamaly eo amin'ireo mpikambana ao amin'ny fianakaviana montfortanina. Ny mpikambana vaovao dia miombona anjara amin'ireo hafaliana sy fahoriana iainan'ny fianakaviany vaovao. Raha mahasambatra azy ny manovo ny harem-panahy anànan'ity fianakaviana ity, dia miezaka koa izy hampanan-karena azy amin'ny alàlan'ny vavaka ataony sy ny fanolorany ny fiainany entanin'ny fanokanan-tena montfortanina » (Andininy 13, 14).

Fahaefatra. Manaiky – teo anivon'ny taona 2000- ny fifampitondrana ny ivon-toerana ara-panahy « Totus Tuus » (Anao manontolo) Medjugorje ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs. Fihitaran'ny iraky ny «Centre régional de Trinitapoli» ao Italy. Izany dia nataon'ny rafipitantanana foibe an'ity Fikambanana manaraka ny Sata mifehy ny Fikambana araka ny andininy 3 sy 5 milaza hoe:

« Ny foibe iraisan-pirenenana ny Fikambanana, Marie, Reine des Cœurs dia voafaritra ao amin'ny Maison générale de la Compagnie de Marie. Ny firenena tsirairay afaka manana ivon-toerana nationaly (rezionaly ...) tantanin'ny lehiben-pikambanana na solontenany.

Ny tale jeneraly mampita amin'ireo talen'ny ivon-toerana ireo torolalana heveriny ho ilaina ary miantoka ny fanatanterahana zany ”

Fahadimy. Manendry ireo tale nasionaly sy isan-paritra ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs. Mifanaraka tsara araka ny voalaza ireo lohahevi-dehibe ny andininy 4 ny Sata mifehy ny Fikambanana izay manambara toy izao.

« Ny foibe iraisan-pirenena ny Fikambanana, Marie, Reine des Cœurs voafaritra ao amin'ny Maison générale de la Compagnie de Marie. Ny firenena tsirairay afaka manana ivon-toerana nationaly (rezionaly...) tantanan'ny lehiben-pikambanana na ny lefiny. Ny lehiben'ny Fikambanana Compagnie de Marie no tale jeneraly ny Fikambanana Marie, Reine des Cœurs. Manana fahefana izy hanendry, ho an'ireo ivon-toerana samihafa, tale solontena nasionaly, rezionaly, eny amin'ny faritra. Raha te hanendry Pretra seculier ny Supérieur général ho Talen'ny ivon-toeran'ny Fikambanana, tokony mahazo alalana mialoha avy amin'ny mpiandraikitra, raha tsy pretra montfortanina, tsy mangataka alalana avy amin'ny lehiben'ny Fikambanana misy azy »



Colombie : le P. GABRIEL ANTONIO RIVEROS PRIETO S.M.M.

Ireto ny lisitry ny Tale ara-panahy izay voatendry ny rafi-pitantanana ankehitriny:



Argentine : le P. VÍCTOR FAVERO VALENCIA, diocésain



Madagascar : le P. Jean Claude RAMANDRAIVONONA S.M.M.




Indonésie : le P. Fidelis BOLO WOTAN, S.M.M.



Malawi & Zambie : le P. Anthony Daniel CHILOLO, S.M.M.



Papouasie : le P. Laurensius OLA, S.M.M.



Pérou : le P. JESÚS LEOPOLDO CUCHO PUCHURI S.M.M.




Philippines : le Père Federick B. YUMANG, SMM



RD Congo (+ Togo) : le P. Frédéric BOLUMBU WANGELA MBOKOLO, S.M.M.



Etats Unis: le P. Hugh James GILLESPIE, S.M.M.



Diocèse de Tampico, Mexique: le P. JOEL ALANÍS TINOCO, prêtre diocésain (Directeur)



Portugal: le P. Carlos Miguel VIEIRA, S.M.M.



Rwanda (Fleurs de Marie) : le Frère Jean Chrysostome RURUANGIRWA, F.S.G.



Diocèse de Tampico, Mexique: le P. JUAN JOSÉ AGUILAR FABIÁN, prêtre diocésain (Directeur adjoint)

“”

La SMM a besoin de personnes qui -
comme les disciples dans le miracle de la
multiplication du pain - font ce partage
avec les gens.

Afaka tanisantsika eto ny aranan'ireo Directeurs spirituels notendren'i P. Santino BREMBILLA fony izy tale jeneralin'ny Fikambanana. Ohatra, izy no nanendry ny P. MIHOVIL FILIPOVIĆ, S.M.M. ho Directeur spirituel any Croatie (sy Pologne), ary ny P. Giovanni Maria PERSONENI S.M.M. ho Directeur spirituel ivon-toerana ao Trinitapoli. Mbola manankery avokoa ireo fanendrena nataony ho an'reo Pretra montfortanina ankehtriny ary tena mazoto sy mafana fo tokoa Père Mihovil sy Père Giovanni amin'ny fanentanana ataony.



Croatie (et la Pologne): le P. MIHOVIL FILIPOVIĆ, S.M.M.

Betsaka ireo sampan'ny Fikambanana monfortanina izay manana lahika associés no mbola tsy nanolotra ireo Tale ara-panahy ny lehiben'ny fikambanany eo anivon'ny tale jeneralin'ny Fikambanana mba ho tendrena ofisialy ho Talen-paritra, arak'izay voaraitra ao amin'ny Sata andininy 4. Ireto avy ireo sampana ireo Frantsa, Haiti, India ary Equateur.

Ankoatr'izay, misy ireo firenena sampana montfortanina izay manana lahika associés fa mbola tsy voatendry ny Tale jeneralny ireo tale ara-panahy ny Fikambanana. Ireto avy ireo firenena ohatra Nicaragua anisan'ny États-Unis, Ouganda sy Kenya (izay anisan'ny Délégation Générale Afrique Anglophone), Brésil (mitambatra ao amin'ny Délégation Générale Pérou-Bésil), ary Guadeloupe (izay ao faritanin' i Haïti).

Ireo no lamina ara -pitantanana. Amin'ny fampiharana, misy hatrany ny fifandraisana tsara sy fiaraha-miasa eo amin'ny Foibe iraisan-pirenena ao Roma sy ireo Directeurs spirituels nasionaly eny anivon'ny ivon-toerana.



Centre régional de Trinitapoli: le P. Giovanni Maria PERSONENI S.M.M.

Misy ny tsara ho fantatra ampitaina eto. Ny andininy N°61 ao amin'ny lalam-panorenana ny Misionera Montfortanina miresaka ireo pretra an'ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs.



« Ny Fikambanana “Marie Reine des Cœurs” dia ho an'ny lahika sy ireo pretra izay nekena sy ankatoavin'ny Eglizy ho toy an'ny Compagnie de Marie tanteraka » (Const. 61).

Ny mahakasika antsika dia ity Fikambanana manokana pretra dia mbola tsy misy ankehitriny ankoatra ny **«Fraternité des prêtres de l'Association de Marie Reine des Cœurs»** ao **Burundi**, izay eo ambany fitantanany ny **masera « Militantes de la Sainte Vierge »** ao Burundi izay miara miasa akaiky amin'ny Fianakaviana Montfortanina.

Fahaenina. Manafoana ny fitokanana sady manamafy ny fifandraisana eo amin'ny samy ivon-toerana. Sahala amin'ny ivon-toerana mahaleo tena amin'ny fandrindrana ny fiofanany sy ny iraka ataony, izahay, Foibe iraisan-pirenena, mahatsapa fa ilaina ny manamora ny fifanakalozan-kevitra sy ny fifampizarana ny andran-piainana isaky ireo ivon-toerana ireo.

Izay no fototra ny gazety mivoaka isan-bolana «Jesoa veolona ao amin'i Maria » izay azo raisina amin'ny fiteny 7 (Frantsay, espagnola, anglisy, portugais, italianina, Malagasy, Indonesiana). Betsaka ireo olona mandray anjara amin'ny fisian'ity gazety ity, indrindra amin'ny alalan'ny fandikan-teny ireo lahatsoratra avoaka. Misaotra azy ireo.

Ao anatin'ny gazety, hita fa manakarena ireo andran-piainana ara-panahy sy misionera ireo karazana associés montfortanina, sy ny fampafantarana mikasika ny fiofanana sy ny iraka atony isaky ny ivon-toerana samihafa ary ny Fianakaviana Montfortanina.

Ho fampafantarana, tsy hoe ao Andraisoro, Antanarivo ihany no zaraina ity gazety ity, zaraina ho an'ny mpikambana rehetra ho vakiany ary ireo lahatsoratra voazara lasa lohahevitra zaraina isaky ny fivoriana isambolana eo amin'ny samy mpikambana.

Fahafito. Eo amin'ny lafiny fifandraisana hatrany, ny Foibe Iraisan-pirenena mikolokolo ny fifandraisana eo amin'ireo vondrona tsy miainkina ivelan'ny Fianakaviana montfortanina, hanangana tetezana mampifandray ny fifandraisana.

Ankoatr'ireo, mandray koa izahay ireo hafatra avy amin'ireo olona izay mandray an'i Montfort ho mpitantana ara-panahy azy na ireo olona mandalina ny fiainana sy ny asa soratr'i Montfort.

Miovaova ny lohahevitra dinihina miaraka amin'izy ireo, ohatra izao, mangataka vaovao momba boky i Montfort izy na boky miresaka manokana ny fiomanana ho an'ny fanoloran-tena, ny sasany mangataka sisan-taolana, te hahazo vaovao mikasika na medaille an'i Montfort, na rojo na sarin'i Montfort ; te hahazo fanazavana koa mikasika ny filazana voasoratr'i Montfort ao anaty asa sorany.

Ireo serasera ireo, mila fotoana sy finiavana ny mamaly ny fanontaniany.



Fahavalo. Misoratra anarana ao amin'ny «Rejistra» na bokin'ireo mpikambana izay nahavita ny fanoloran-tena. Betsaka ny ivon-toerana nasionaly na rezionaly ity Fikambanana ity no manana Rejistra misy ny mpikambana mba ho voatahiry ny anaran'ireo mpikambana. Ary izahay, Foibe iraisam-pirenena eto Roma, mankahery ny ivon-toerana tsirairay (nasionaly na rezionaly) samy hanana Rejistry ny mpikambana.

Ireo izay nahavita ny fanoloran-tena tsy misy fifandraisany tamin'ny ivon-toerana nasionaly na rezionaly dia mandefa ny fangatahana fisoratana anarana aty amin'ny Foibe Iraisa-pirenena aty Roma (Statutes, art. 3), izay hitana ny Jeneralin'ny misionera monfortanina ny Rejistra. Ankoatr'izay, ny mpikambana ao Mexique sy Togo dia voasoratra ihany koa eo anivon'ny Foibe Iraisa-pirenena. Rehefa, amin'ny fotoana rehetra, lasa ivon-toerana i Togo sy Mexique, dia tokony manana ny Rejistrany manokana izy ireo. Hatreto, ireto avy ny mpikambana voaraikitra ao amin'ny Foibe iraisam-pirenena ao Roma.

2017: 43 mpikambana
2018: 225 mpikambana
2019: 41 mpikambana
2020: 135 mpikambana
2021: 299 mpikambana

Rehefa voasoratra ao amin'ny Rejistra, mandray fanamarinan-pisoratana anarana «testimonium inscriptionis» sy mandray isam-bolana ny gazety «Jesoa veolona ao amin'i Maria».

Fahasivy. Mangataka fizarana tatitra ny faran'ny taona 2020 avy amin'ireo ivon-toerana rehetra. Ho an'izay indrindra, no hisaoranay manokana ireo tale ampanahy rehetra izay nanao tatitra taty amiko.

Ny anton'ity fangatahana ity di any hamantarana hoe aiza ho aiza ankehitriny ny irei associés monfortanina, inona avy ny votoatin'ny fiofanana azony ary inona ny iraka atoany, iza no tale izy ireo, sns...

Ny tanjona dia ny fifampizarana vaovao eo amin'ny samy ivon-toerana. Satria ny fifampizarana ataon'izy ireo no atolotra ao anatin'ny gazety isam-bolana «Jesoa veolona ao amin'i Maria » Ankoatry ny fitanisana ny zava- misy isaky ny ivon-toerana izay manampy ny Foibe iraisam-pirenena aty Rôma mitondra fanampiana ho azy ireo.

Ireto ireo ivon-toerana namely ny fangatahana nataonay tamin'ny fandefasana ny anjarany.

Any Eoropa, misy an'i Pologne sy Croatie, Frantsa (Montfort-sur-Meu, Pontchâteau, Le Marillais, Saint Laurent-sur-Sèvre), Italy (Trinitapoli sy Medjugorje miampy ny fizarana ataon' P. Alfio Mandelli mikasika ny «Ny andro ara-panahy any Lorette»), Belzika, Danemark, Pays-Bas sy Portugal.

Asia - Oceanie, misy an'i Indonezia (Poco, Bandung, Malang, Putussibau, Ruteng), India, Phillipines ary PNG.

Any Amerika, misy an'i Argentine, Brésil, Equateur, Etazonia (Rockville), Etazonia (Bay Shore), Colombie, Mexique ary Pérou.




Any Afrika, misy an'i Kenya, Madagasikara, Malawi, RDC, Rwanda, Togo ary Ouganda.

Manana ivon-toerana ny Fikambanana 26 isika maneran-

tany. Ny isan'ny mpikambana avy amin'ireo ivon-toerana ireo syn y nisoratra anarana tao amin'ny Foibe iraisam-pirenena ao Roma dia manodidina **ny 10.000 ny isan'ny mpikambana.** Izay no zava-misy mahasika ity Fikambanana ity maneran-tany.



Fahafolo. Manomana ny lettre circulaire avy amin'ny Lehibe jeneraly ny SMM izay sady Tale jeneraly ny Fikambanana AMRdC izay miresaka momba ny lahika montfortanina izay hivoaka amin'ity taona 2021 ity. Olona 27 no hizara ny andram-piainana niainany ao anatin'io taratasy io. Misaotra betsaka azy ireo noho ny fandavan-tenany.



Ary farany, izay no tatitra na fizarana ity komity. Raha misy tompon'andraikitra avy any amin'ny ivon-toerana manana fanamamarihana na soso-kevitra izay mety ilaina eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, aza misalasala manoratra aty aminay.

Mazoto, ary mahavita be amin'ny iraka, miombom-bavaka miaraka amin'I Md Louis-Marie de Montfort, izay lehibe sy mpitarika am-panahy antsika.

Arnold SUHARDI SMM

Mpitantana mpanampy.

Tompon'andraikitra ny Kômisiôna iraisam-pirenena momba ny Associés Montfortains



PAPANGON'I MONTFORT



Nandritra ny fetin'i Louis-Marie de Montfort, ny 28 Avrily 2021, Mompera Jeje, Mpitantana am-panahy ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs, ao amin'ny Foibe Rejionalin'ny Java andrefana, any Indonezia, dia nanambara fa Mme Liana, mpikambana ao amin'ny Fikambanana, dia nampanidina teny amin'ny lanitra ny papango iray izay misy ny sarin'i Montfort eo amboniny.



Ity papango ity dia nanidina avy any amin'ny nosy Bali, izay mitoetra eo afovoan'i Indonezia. Ity Nosy ity izay fantatra amin'ny fizahan-tany noho ny fananany tora-pasika mahafinaritra sy ny natiora ao aminy.



Raha ny filazan'i P. Jeje, nataon'i Mme Liana izy ity ho fanehoany ny vavaka ataony: mba ho tonga "MPIANDRY MAHATOKY" / "LIBEROS" be be kokoa ny mpikambana rehetra ao amin'ny fianakaviambe Montfortana, ary afaka hanidina na aiza na aiza ilain'ny Fanahy azy ireo ka hambabo ny fo rehetra.



Masindahy Louis-Marie de Montfort, mivavaha ho anay !

Mots du Pape Jean-Paul II :

« Chers frères et sœurs de la grande famille montfortaine... je vous encourage à faire fructifier ce trésor qui ne doit pas rester caché ».

Du Vatican, le 21 juin 1997



MISSIONNAIRES MONTFORTAINS

Tél (+39) 06-30.50.203 ; Fax (+39) 06 30.11.908 ; Viale dei Monfortani, 65, 00135, Rome - ITALIE;
E-mail: rcordium@gmail.com ; <http://www.montfortian.info/amqah/>